

08 jolay 2010.  
26 Tamouz 5770.

## Antso ho amin'ny fianarana.;ny Baiboly.

« *Ary rehefa notondroin'ny mpanapaka hiteny Paoly, dia namaly ka nanao hoe: Fantatro fa ianao dia efa mpitsara ela tamin'ity firenena ity, ka dia faly aho handaha-teny hanala tsiny ny tenako.*» (Asa:24:10)

Ny hoe tsy misy fifanolana na ady hevitra eo amin'ny vahoakan'Andriamanitra dia tsy azo lazaina fa porofon'ny fifikiran'ny rahalahy amin'ny foto-pinoana madio. Mifanohitra amin'izany aza dia misy antony hatahorana fa tsy hasian'ny olona fanavahana mazava ny fahamarinana sy ny fahadisoana. Raha tsy misy fanontaniana vaovao mipetraka mikasika ny Teny Voasoratra; raha tsy miseho ny hevitra samihafa manosika ny tsirairay handinika ny Baiboly mba hahafantarany raha ao amin'ny fahamarinana izy, dia mampatahotra fa marobe amin'ny olona amin'izao fotoana izao tahaka ny tamin'ny lasa no mihazona ny fomban-drazana ka miankohoka amin'izay tsy fantany.

Naseho amiko fa maro amin'ireo izay milaza fa mino ny fahamarinana no tsy mahalala akory izay inoany. Tsy azony ny fototry ny finoany. Tsy manana fahalalana mazava ny asa izay tokony ho tanterahana amin'izao andron-tsika izao izy. Rehefa ho tonga ny fahoriana dia hisy olona-na dia mitory amin'ny hafa aza amin'izao fotoana izao-dia hahita raha mamakafaka ny toerana misy azy fa tsy afaka manome famintinana amin'ny zavatra maro akory amin'ny fomba azo ekena izy. Mandrapahatongan'ny fitsapàna dia tsy hahatsapa ny fahabangana lehibe eo aminy izy. Marobe ireo izay ao ampiangonana no mihevitra fa mahafantatra izay inoany izy kanefa , rehefa tsy mitranga ny fisavorovoroana dia tsy tsapany ny fahalemeny. Raha tafasaraka amin'ny mpiray fiangonana aminy izy ka voatery hanazava irery ny foto-pinoany dia ho gaga hahita fa hay manjavozavo ny heviny mikasika izay nekeny fa fahamarinana. Azo itokiana fa misy olona amintsika izay tafasaraka tamin'Andriamanitra velona ka nitodika tamin'ny olona; mametraka ny fitokisany amin'ny fahendren'ny olona toy izay teo amin'ny an'Andriamanitra.

Ho fohazin'Andriamanitra ny vahoakany.Raha tsy mahomby ny fomba sasany dia hisy mpivadika ho avy handrotika antsika ka hanasivana ny voa amin'ny rantsana. Miantso ireo izay mino ny Teniny ny Tompo hifoha amin'ny torimasony. Misy fahazavàna sarobidy mifanaraka amin'ny fotoan'andro iainantsika izao. Fahamarinana ao amin'ny Baiboly izay mampiseho ny zava-doza izay eo anoloantsika izany. Izany fahazavàna izany dia tokony hitarika antsika hanao fianarana ... ny Teny Voasoratra sy handinika amim-panakianana ny toerana misy antsika. Tian'Andriamanitra raha hojerena amim-pahamatorana sy amim-paharetana ny lafiny tsirairay avy amin'ny fahamarinana miaraka amin'ny fifadian-kanina sy vavaka. Tokony hifototra tanteraka eo min'ny Tenin'Andriamnitra ny finoan'izy ireo ka raha tonga ny fotoanan'ny fitsapàna dia afaka mijoro eo anoloan'ny fivoriam-ben'ny olona hanazava ny anton'ny fanantenana ao anatiny amim-pahalemem-panahy sy fahatahorana.

Miadia hevitra, miadia hevitra, midia hevitra, ny hafatra toriantsika ho an'izao tontolo izao dia tokony ho zavamisry tokoa ho antsika. Zava-dehibe no tokony hitandremantsika ny fampiasàna fonjan-kevitra tsy azo-tsika antoka loatra raha hanazava foto-pinoana izay resahina matetika isika. Mety hanampina ny vavan'ireo mpanohitra antsika izany saingy tsy hanaiky ny fahamarinana izy. Tonkony hampiseho fonja-kevitra matanjaka isika izay tsy hanakombona ny vavan'ny mpanohitra ihany fa azo sedraina fatratra koa. Ireo izay voatarika amin'ny adihevitra dia mampidi-doza tsy afaka hampiasa ny Tenin'Andriamanitra amim-pahamarinana. Rehefa miresaka amin'ny mpanohitra iray isika dia tokony hihezaka isika hamiseho ny heviny handresena lahatra azy, fa tsy hitady hahamafisana fotsiny eo amin'ny fahatokiany izay efa inoany.

Na hatraiza na hatraiza ny haavon'ny fahiratan-tsainan'ny olona iray dia tsy tokony hihevitra na indray mipi-maso aza izy fa tsy ilainy ny mandinika ampahamatorana sy mitohy ny Teny Voasoratra mba hahazo fahazavàna misimisy kokoa. Antsoina hianatra isam-batan'olona ny faminaniana isika amin'ny maha vahoakan'Andriamanitra antsika.Tokony hanokatra ny mason-tsika isika hamantatra ny tanam-pahazavana alefan'Andriamanitra ho antsika. Aoa hahatratra ny tsirim-pahazavana voalohany dia hahazo, amin'ny alalan'ny fianarana sy fivavahana; fahazavana lehibe be kokoa izay azon-tsika hampitaina amin'ny hafa.

Rehefa mahatsapa metimety sy manana ny ampy ny vahoakan'Andriamanitra dia azo antoka fa tsy manana ny fanasitranan'Andriamanitra izy ireo. Sitrapony raha mandroso mandrakariva isika ka mandray fahazavàna misimisy mba hamirapiratan-tsika. Tsy hankasitranan'ny Tompo ny fihetsiky ny Fiangonana ankehitriny. Tonga amin'ny toeran'ny fahatokisan-tena izy izay mitarika azy hihevitra fa tsy misy ilàna ny hampitomboana ny fahamarinana sy handraisana fahazavana misimisy kokoa. Miaina amin'ny vanim-potoana hiasan'i Satàna isika izao na avy ao ankavanana na avy ao ankavia; na avy ao aoriana na avy ao aloha kanefa dia matory isika. Maniry Andriamanitra raha misy feo miantso ny vahoakany hiasa.

Ellen G. White Témoignages pour l'église Vol 2 p 365 – 367

